

# Vaovao SAHAZA

Gazety PASAN - SAHAZA | Novambra 2019 | Laharana faha - 03




SAHAZA

## SARY FAMANTARANA NY TETIKASA SAHAZA - PASAN

Ny tetikasa SAHAZA (Sehatr'Asa Hanatsaràna ny Antoka ara-tsakafo sy ny fanjariantsakafon'ny Zaza Amam-behivavy) na *PASAN (Projet pour l'Amélioration de la Sécurité Alimentaire et de la Nutrition)* dia nahazo ny sary famantarana ny tetikasa ny volana oktobra 2019 lasa teo. Io farany moa dia ho entina hamantarana ny tetikasa mandritra ny 5 taona izay iasany (febroary 2019 – febroary 2024) ary marihina fa niarahana nanapaka tamin'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra. *(Tohiny Pejy faha-2)*

JICA Agence Japonaise de Coopération Internationale

MAEP

Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka

PRIMATURE ONN OFFICE NATIONAL DE NUTRITION

Ombon'antoka fanjariantsakafo

# SARY FAMANTARANA NY TETIKASA SAHAZA - PASAN

*Ireo hevitra fonosin'ny sary :*

Amin'ny ankapobeny dia maneho ny fiaraha-mientana amin'ny ady amin'ny tsifanjariantsakafo eo anivon'ny fianakaviana Malagasy, indrindra aty amin'ny faritra afovoan-tany izay iasan'ny tetikasa, izany hoe ireo mpisitraka mivantana dia ny zaza amam-behivavy, amin'ny alalan'ny fambolena sakafo isan-karazany, sy fihinana ny sakafo maroloko sy miovaova ara-pahasalamana, ary ny fananterahana ny fomba fanadiovana sy fidiovana.

Ka ireto manaraka ireto ary sary hita sy ny hevitra fonosin'izy ireo eo amin'ny sary famantarana

- *Ny boribory lavalava misy loko karazany efatra :*

dia manambara sarin'ny ananambo, izay isan'ny voly tena namporisihina mba hiadiana amin'ny tsifanjariantsakafo noho izy misy hery fanorenana, vy, sokay, potasioma, manezioma ary vitaminina ACE izay tena ilaina amin'ny fitomboan'ny vatana . Ary io ravina io koa dia mampiseho ny sehatra"fambolena sy ny fiompiana", voly an-jaridaina, izay tena tokony ampiroboroboana mandritra ity tetikasa ity. Ny loko efatra amin'ny ravina ananambo ihany dia midika fifarimbonana sy fifamenoan'ny sehatra asa isan-karazany izay miady amin'ny tsifanjariantsakafo, farafahakeliny ny sehatra efatra.

- *Ny sary miendrika teten-drano miloko manga :*

midika rano mitete manambara ny sehatr'asa rano fisotro madio, fanadiovana sy fidiovana izay tena voizina mandritra ny fanatanterahana ny tetikasa

- *Ny loko somary volon-tsôkôla eo ambany dia:*

manambara ny tany izay fototra iorenan'ny famokarana sy ny fianakaviana. Io loko volontsokola io ihany koa dia manambara lovia fihinanana ary rehefa jerena indray mitopy maso miaraka amin'ny sary eo amboniny izy dia manome endrika sakafo maro loko sy miovaova eo ambony lovia ihany koa

- *Ny eo afovoany miloko fotsy dia:*

maneho sarin'ny ankohonana tantsaha izay misitraka mivantana ny tetikasa SAHAZA: Renim-pianakaviana mitrotro zaza, Raim-pianakaviana misatroka, ary ireo ankizy madinika iray tampo amin'ny zazakely trotroin'ny reniny.

**Teny kely avy amin'ny mpandrindram-paritry ny ORN Itasy: Dr. RAKOTONDRANALY Patrick**

Feno tokoa ny fandaharan'asa ny tetik'asa PASAN-SAHAZA ny volana septambra ka atramin'ny volana novambra 2019, nanomboka tamin'ny dingana voalohany tamin'ny alàlan'ny atrikasa fankatohavana ireo kaominina maridrefy sy filamatra ny asa natao, ka atramin'ny fidinana teo anivon'ireo kaominina filamatra anatanterahana ireo atrikasa iarahamisalahy ho famakafakana ifotony ny olana manodidina ny tsifanjariantsakafo miaraka amin'ireo mpisehatra isan'karazany eny an-toerana.

Ireto avy ireo teny manan-danja tokony hotadidina tao anatin'izany: Firaisam-po aman-tsaina - Fandrindrana - Fandraisana anjara - Famolavolana - Tomban'ezaka - Drafitra - Teti-pivoarana - Fanangonana angon-drakitra.

Raha fintinina, ireo mpiara-miombon'antoka dia manome taratra ny asa maro lafy amin'ny lafiny iray, ary ny fifamenon'ny tetikasa PARN-FAFI sy PASAN-SAHAZA amin'ny lafiny ilany, ho amin'ny fanatanterahana ny tanjona iraisan'ny PNAN III: fanenana ny tahan'ny tsifanjarihantsakafo mitarazoka eo amin'ny ankizy latsaky ny 5 taona ho 47% mankany amin'ny 38%, eo amin'ny sehatra nationaly, amin'ny taona 2021.

Tsara ho marihina fa ny antoka ara-panjariantsakafo dia miankina amin'ny antoka ara-tsakafo.

# FANKATOAVANA IREO KAOMININA FILAMATRA SY MARIDREFY

Tanteraka antsakany sy andavany ny atrikasa nankatoavana ireo kaominina 20 hiasan'ny tetikasa, ary ireo kaominina 20 mari-drefy: ny 18 septambra ho an'ny farita Itasy, ny 20 septambra ho an'ny faritra Amoron'i Mania ary ny 01 Oktobra ho an'ny faritra Vakinankaratra.

5 taona no faharetan'ny tetikasa, izay miompana indrindra amin'ny sehatra marolafy dia ny fambolena, ny fanadiovana sy fidiovana, ny fahasalamana ary ny fanjariantsakafo; izay marihina fa mifanindran-dalana ary mifameno tanteraka amin'ny tetikasa FAFY.

Ny ahazoana mandrefy ny vokatry ny asan'ny tetikasa moa no tena antom-pisian'ireo kaominina mari-drefy, mba ahafahana manitatra sy mampiroborobo ny asa nentin'ny tetikasa.

Ny tanjon'ny atrikasa dia ho fankatoavana miaraka ireo kaominina rehetra hiasana, ka nahafahan'ny tetikasa PASAN-SAHAZA niroso avy hatrany tamin'ireo asa ho tanterahana toy ny famakafakana eny ifotony ny olana manodidina ny fanjariantsakafo ary ny tombana fanadihadiana voalohany isaky ny kaominina izay ahafahana mandrafitra ireo sehatr'asa rehetra ho atao mandritra ny 5 taona.

Izany rehetra izany dia tontosaina hatrany miaraka amin'ireo mpiara-miobon'antoka, dia ny ministera isan-tsokajiny toy ny Ministera ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono, ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka, ny Ministeran' ny rano, ny angovo ary ny akoran'afo, ny foibem-pirenena sy ny foibem-paritra misahana ny fanjariantsakafo, ny biraon'ny faritra sy ny distrika, ireo kaominina rehetra izay voasafidy ary ireo mpisehatra rehetra eny ifotony.





Sahaza

# ATRIKASA IARAHAMISALAHY HO FAMAKAFAKANA IFOTONY NY OLANA MANODIDINA NY TSIFANJARIANTSAKAFO

Taorian'ny nankatoavana ireo kaominina filamatra 20, dia tanteraka soa amantsara ireo atrikasa iarahamisalahy ho famakafakana ifotony ny olana manodidina ny tsifanjariantsakafo, izay notontosaina nandritra ny volana oktobra sy novambra 2019. Ny fandaharam-potoana ho an'izany dia mitsinjara ho toy izao: ny 21 ka hatramin'ny 30 oktobra ho an'ny faritra Itasy, ny 11 ka hatramin'ny 15 ny volana novambra ho an'ny faritra Amoron'i Mania, ary ny 18 ka hatramin'ny 25 novambra kosa ho an'ny faritra Vakinankaratra.

Ho fanamorana ny adihevitra nandritra ny atrikasa dia nozaraina vondrona ireo mpizaika. Samy namelabelatra ny olana sy ny vahaolana misy ao amin'ny fokontany niaviany ny tsirairay. Navitrika tokoa ny fandraisan'anjaran'ny tsirairay, ka nahafahana nahazo ny hevitry ny ratsamangaika tsirairay sy isan-tsokajiny avy.

Marihina fa ny faha 12 ny volana desambra ho avy izao, no hanatanterahana ny atrikasa farany ao amin'ny kaominin'i Marosoa, ao amin'ny faritra Amoron'I Mania.

| Kaomina filamatra | Faritra | Andro ny atrik'asa |
|---|---|---|
| Manazary | Itasy | 30-sep |
| Antoby Atsinana | Itasy | 22-okt |
| Mandiavato | Itasy | 23-okt |
| Ambohipandrano | Itasy | 23-okt |
| Analavory | Itasy | 24-okt |
| Ampahimanga | Itasy | 25-okt |
| Anosibe-Ifanja | Itasy | 25-okt |
| Ambositra | Amoron'i Mania | 12-nov |
| Ivony Miramisa | Amoron'i Mania | 12-nov |
| Anjoman'ankona | Amoron'i Mania | 13-nov |
| Andina | Amoron'i Mania | 14-nov |
| Marosoa | Amoron'i Mania | ... |
| Ampitatafika | Vakinankaratra | 19-nov |
| Antsoso | Vakinankaratra | 20-nov |
| Ambatomiady | Vakinankaratra | 20-nov |
| Inanantonana | Vakinankaratra | 21-nov |
| Ambatotsipihina | Vakinankaratra | 21-nov |
| Ambohimandroso | Vakinankaratra | 22-nov |
| Tsiafajavona | Vakinankaratra | 22-nov |
| Marosoa | Amoron'i Mania | Tapaky ny-des |

Sahaza

# FANADIHADIANA IFOTONY

Mifanindran-dalana amin'ny atrikasa iarahamisalahy ho famakafakana ifotony ny olana manodidina ny tsifanjariantsakafo, ny tetikasa SAHAZA dia nanatontosa ny fanadihadiana ifotony eo anivon'ireo ireo kaominina filamatra sy maridrefy, ho fanangonana ireo angon-drakitra voalohany. Aorian' ny fanombohan'ny tetikasa ao amin'ireo kaominina filamatra, dia ampiasaina ho porofon'ny vokatrin'ny tetikasa ny fampitahana eo amin'ny kaominina filamatra sy maridrefy .

Manaraka ny fenitry ny fanadihadiana ara-tsakafo, ireo antotam-baovao rehetra dia raiketina mivantana anaty *"tablette"* mba ahafahan'ny foibem-pirenena misahana ny fanjariantsakafo manana ireo antontam-baovao ireo sy manaramaso ny fivoarana ifotony. Nanao fitsidihina ifotony ny fizotran'ny fanadihadiana araka izay moa ny tompon'andraikitra anivon'ny foibem-pirenena misahana ny fanjariantsakafo.

Nanararaotra izany fotoana izany ihany koa ireo mpilatsaka an-tsitrapo japoney (JOCV) hitsidihina ireo toerana voakasiky ny fanadihadiana niaraka amin'ireo ekipa mpanatanteraka izany.

Lafiny maromaro no jerena manoloana ny fiantomorana marolafy ho fanatsaràna ny fanjariantsakafo; anisan'izany ny toetoetran'ny tokantrano, ny sakafo ara-pahasalamana sy ny fahasalamana, ny fambolena, ny rano, ny fahadiovana ary fidiovana, ary ny fandaniana eo anivon'ny tokantrano. Ny vokatry ny fanadihadiana dia entina hamenoana ireo asa ho tanterahina voafaritra nandritra ny atrikasa iarahamisalahy ho famakafakana ifotony ny olana manodidina ny tsifanjariantsakafo.



Pour toute requête, venez nous visiter à l'ONN Anosy, ou écrivez-nous à l'adresse e-mail : pasanainmadagascar@gmail.com